REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISTERE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE**

-------------------

**ARRETE N°22.613/2018**

**Portant création de l'Unité de Coordination du Programme (UCP) du Programme de développement des filières agricoles inclusives au sein du Ministère de l'Agriculture et de l'Elevage**

**LE MINISTRE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE,**

- Vu la Constitution ;
- Vu la Loi n°2017-051 du 15 janvier 2018 portant ratification de l'Accord de Financement Prêt n°2000002127 et Don N°2000002128 relatif au Programme de développement des filières agricoles inclusives (DEFIS) entre la République de Madagascar et le Fonds International de Développement Agricole (FIDA) ;
- Vu le décret n°2018-529 du 04 juin 2018 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2018-540 du 11 juin 2018 portant nomination des membres du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2018-544 du 14 juin 2018 fixant les attributions du Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage, ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;

**ARRETE :**

**Article premier :** En application des termes du chapitre II- Dispositions relatives à l'exécution de l'annexe 1 de l'Accord de financement sus cité, il est créé une Unité de Coordination du Programme (UCP) du Programme de développement des filières agricoles inclusives (DEFIS).
L'UCP sera placée sous la tutelle du Secrétariat Général du Ministère de l'Agriculture et de l'Elevage (MINAE). Il bénéficiera de l'autorité administrative et financière.
L'UCP aura quatre représentations dans les huit régions du Programme (Amoron'i Mania, Haute Matsiatra, Vatovavy Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Ihorombe, Atsimo Andrefana, Anosy, Androy), appellées Coordination Interrégionales (CIR).

**Art.2 :** La structure de coordination et de gestion du DEFIS reposera sur quatre principaux organes :

- le Comité National de Pilotage (CNP) ;
- les Comités Régionaux d'Orientation et de Suivi (CROS) ;
- l'Unité de Coordination du Programme (UCP) au niveau central ;
- les Cellules Inter Régionales (CIR) au niveau régional.

**Art.3 :** Le CNP assurera la supervision stratégique du projet et comprendra les représentants des principales parties prenantes. Il sera présidé par le Secrétaire Général du MINAE.

**Art.4 :** Les CROS veilleront à la cohérence des activités du projet par rapport aux politiques régionales de développement et aux processus de planification régionale et feront le suivi de l'avancement du programme. Ils seront présidés par les Chefs de Régions concernés.

**Art.5 :** L'UCP aura pour fonction de coordonner et de mettre en œuvre les activités du programme. Elle assurera la gestion courante des activités du programme, le suivi

évaluation et la représentation générale du Programme vis-à-vis des institutions, organisme et partenaire du Programme. Elle assure l'opérationnalisation des cellules d'exécution inter-régionales.

**<u>Art.6</u> :** Les CIR seront chargées de la mise en œuvre courante des activités au niveau régional. Elles assureront la planification, la supervision et la coordination des activités au niveau régional et des pôles de développement agricoles. Elles rendent compte à l'UGP au niveau national, aux DRAE et aux CROS.

**<u>Art.7</u> :**L'UCP sera composée de :

- un Coordonnateur national ;
- un responsable technique ;
- un Responsable administratif et financier (RAF) ;
- un Responsable de la Passation des Marchés (RPM) ;
- un Comptable ;
- un Responsable du Suivi-Evaluation ;
- des assistants (comptable, suivi évaluation, passation de marché) ;
- un chargé d'infrastructure ; et
- du personnel d'appui ainsi que des consultants à court terme et moyen terme nécessaires.

**<u>Art.8</u> :** Chaque Coordination (Inter) régionale sera composée de :

- un Coordonnateur régional ;
- un Chargé Administratif et Financier ;
- un assistant de la Passation des Marchés ;
- un chargé d'infrastructure ;
- un responsable production agricole ;
- un responsable des filières et marchés ; et
- du personnel d'appui, des consultants à court terme et moyen terme nécessaires et pourra bénéficier de l'appui de prestataires ainsi que d'un renforcement en personnel si besoin est.

**<u>Art.9</u> :** Le Coordonnateur de l'UCP et les coordonnateur interrégionaux sont nommés par décision du Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage après sélection sur la base de mise en concurrence ouverte.

**<u>Art.10</u> :** Le présent arrêté sera enregistré, communiqué et publié partout où besoin sera.

Fait à Antananarivo, le 18 septembre 2018

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA**

**----------------------**

**DIDIM-PITONDRANA LAHARANA-22.613/2018**

**Ananganana ny Vondrom-pandrindrana ny Fandaharan'Asa (UCP) momba ny fampiroboroboana ireo zohim-pihariana ara-pambolena mampandray anjara (DEFIS) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana**

**NY MINISITRY NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA,**

- Araka ny Lalàm-panorenana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-2017-051 tamin'ny 15 janoary 2018 momba ny fanaovan-tsonian'ny Fifanarahana ara-pamatsiam-bola amin'ny fampindramam-bola laharana faha-2000002127 sy fanomezana laharana faha-2000002128 mikasika ny Fandaharan'Asa momba ny fampiroboroboana ireo zohim-pihariana ara-pambolena mampandray anjara (DEFIS) eo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny « *Fonds International de Développement Agricole* » (FIDA) ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-529 tamin'ny 04 jona 2018 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-540 tamin'ny 11 jona 2018 anendrena ireo mpikambana eo anivon'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-544 tamin'ny 14 jona 2018 mametra ny anjara andraikitry ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA MANARAKA IZAO:**

**Andininy voalohany:** Ho fampiharana ireo fepetra ao amin'ny Toko Faharoa- Fepetra mikasika ny fanatanterahana ny tovana voalohany ao amin'ny Fifanarahana momba ny famatsiam-bola voalaza etsy ambony, atsangana ny Vondrom-pandrindrana ny Fandaharan'Asa (UCP) momba ny fampiroboroboana ireo zohim-pihariana ara-pambolena mampandray anjara (DEFIS).
Ny UCP dia apetraka eo ambany fiahin'ny Sekretaria Jenrelin'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fambolena (MINAE). Mizaka ny zo ara-pitondran-draharaha sy ara-pitantanam-bola izy.
Ny UCP dia manana solontena efatra eo anivon'ireo faritra valo iasan'ny Fandaharan'Asa (Amoron'i Mania, Haute Matsiatra, Vatovavy Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Ihorombe, Atsimo Andrefana, Anosy, Androy), antsoina hoe Mpandrindra iraisam-paritra (CIR).

**And.2:** Ny rantsam-pandrindra sy mpitantana ny DEFIS dia mipetraka amin'ireto rantsa-mangaika fototra ireto:

- ny Komity Nasionaly Mpitarika (CNP) ;
- ireo Komitim-paritra momba ny sori-dalana sy ny fizohiana (CROS);
- ny Vondrom-pitantanana ny Fandaharan'Asa (UGP) eto amin'ny Foibe ;
- ireo Sampana iraisam-paritra (CIR) eo anivon'ny Faritra.

**And.3 :** Ny CNP dia miantoka ny fiandraiketana ara-paik'ady ny Fandaharan'Asa, ary ahitana ireo solontenan'ireo mpiara-miombon'antoka fototra. Ny Sekretera Jeneraly ny MINAE no filohan'ny CNP.

**And.4 :** Ireo CROS dia miantoka ny firindran'ireo asan'ny tetikasa araka ireo politikam-paritra momba ny fampivoarana sy ny dingam-pandaharam-paritra, ary manao ny fizohiana ny fandrosoan'ny Fandaharan'Asa. Ireo Lehibem-paritra voakasika no filohan'ny CROS.

**And.5 :** Ny UCP dia mandrindra sy manatanteraka ireo asan'ny Fandaharan'Asa. Izy no miantoka fitantanana mahazatra ireo asan'ny Fandaharan'Asa, ny fizohiana sy fanombanana, ary ny fisoloan-tena ankapobe ny Fandaharan'Asa manoloana ireo antokon-draharaha, orin-draharaha sy mpiara-miombon'antokan'ny Fandaharan'Asa. Izy ihany koa no miandraikitra ny fampandehanana ireo sampana mpanatanteraka iraisam-paritra.

**And.6 :** Ireo CIR dia misahana ny fanatanterahana mahazatra ireo asa eo anivon'ny Faritra. Izy ihany koa no miandraikitra ny fandaharana, ny fanaraha-maso sy ny fandrindrana ireo asa eo anivon'ny Faritra sy ireo tendron'ny fampiroboroboana ara-pambolena. Manao tatitra any amin'ny UCP eo anivon'ny Faritra, ireo DRAE sy ireo CROS izy.

**And.7:** Ny UCP dia ahitana ny:
- mpandrindra nasionaly ;
- tompon'andraikitra ara-tekinika ;
- tompon'andraikitry ny fitantanan-draharaha sy ny fitantanam-bola (FAR) ;
- tompon'andraikitry ny fifampiraharahana ara-barotra (RPM);
- mpitan-kaonty;
- tompon'andraikitry ny Fizohiana-Fanombàna;
- mpiasa mpanampy (mpitan-kaonty, fizohiana-fanombàna, fifampiraharahana ara-barotra);
- olona misahana ny fotodrafitrasa; ary
- mpiasa mpanampy sy ny « consultants » anaty fotoana fohy sy amin'ny fotoana antonony ilaina

**And.8:** Ny fandrindrana (iraisana) isam-paritra dia ahitana ny:
- mpandrindram-paritra ;
- olona misahana ny Fitondran-draharaha sy ny Fitantanam-bola ;
- mpanampy ny olona misahana ny fifampiraharahana ara-barotra;
- olona misahana ny fotodrafitrasa;
- tompon'andraikitry ny famokarana ara-pambolena;
- tompon'andraikitry ny zohim-pihariana sy ny tsena; ary
- mpiasa mpanampy, ny « consultants » anaty fotoana fohy sy amin'ny fotoana antonony ilaina, sy afaka mahazo ny fanohanan'ireo mpisahan'asa, ary koa ny fanamafisana ny isan'ny mpiasa, raha ilaina.

**And.9 :** Ny mpandrindran'ny UGP sy ireo mpandrindra iraisam-paritra dia tendrena amin'ny alalan'ny fanapahan'ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, aorian'ny fifantenana mifototra amin'ny filazana fifaninana misokatra.

**And.10 :** Ity didim-pitondrana manaraka ity dia ho raiketina, ampahafantarina sy avoaka na aiza na aiza, raha ilaina.

Natao teto Antananarivo, ny 18 septambra 2018